

TANDREMO ! Ireo aretina vaovao ireo dia mety hiparitaka haingana sy hiteraka faheverezam-bokatra

AMPIO IZAHAY amin'ny FITSIRIHINA - HIFANAMPY ISIKA amin'ny FITADIAVANA PAIK'ADY HIALANA na HAMERANA ny VOKA-DRATSY aterak'ireo ARETINA ireo

➤ **ARETINA 2** : Malazo ravina na *Bacterial Leaf Blight (BLB)* afitsokin' ny bakteria *Xanthomonas oryzae* pv. *oryzae* (**Xoo**) sy Tsipika amin'ny ravina na *Bacterial Leaf Streak (BLS)* aterakin'ny bakteria *Xanthomonas oryzae* pv. *oryzicola* (**Xoc**)

➤ **RISIKA** : BLB sy BLS dia loza mitatao ho an'ny fambolem-bary rehetra (anaty rano, saka maina, an-tanety) : Rehefa tena mafy ny aretina, ny fahaverezam-bokatra dia mety mihoatry ny 70 % ho an'ny BLB, ary eo anelanelan'ny 15-20% ho an'ny BLS miankina amin'ny karazam-bary sy ny toetr'andro

➤ **OLANA**: Ireo aretina 2 ireo dia tsy mbola fantatra loatra eto Madagasikara : Mbola vitsy ny fampahafatarana mikasiky ny fivoaran'izy ireo eto amintsika, na ny fanoheran'ireo karazam-bary misy ary tsy mbola fantatra ny fanafody simika mandaitra

➔ Tsy maintsy ataontsika ny hamerana ny fihanak'ireo aretina ireo

✓ **Ahoana ny fomba ahafantarana ireo aretina ireo ?**

BLB : **Xoo** dia afaka mamely ny ketsa sy ny vary
Toerana voakasika : Antsirabe, Ivory sy Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)



Soritr'aretina : manopy mavo hatramin'ny fotsy na volondavenina ny lokon'ny ravina marary




Piti-drano miloko mavo dia manambara ny famelezan'ny Xoo

BLS : **Xoc** dia afaka mamely ny vary manomboka eo ampaniriany ka hatramin'ny fiantombohany salohy
Toerana voakasika : Ivory sy Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)



Soritr'aretina : tsipika lavalava etiety sy tantera-pahazavana miloko maitso ary miofo mavomena ny ravina marary



Fisian'ny tsiranoka marihitra dia manambara ny famelezan'ny Xoc

✓ **ZAVA-DEHIBE INDRINDRA : MILA FANTATRA IREO TOERANA VOAKASIKA**

Raha mahita **soritr'aretina**, **famelezana** na **ahiahy** amin'ireo **aretina** ireo, dia hampandreneso haingana ireo teknisianina sy ny mpanentana aram-pambolena eo an-toerana (DRAEP, DPV, dP SPAD, FOFIFA, CIRAD, FIFAMANOR, AFRICA RICE, Oniversiten'Antananarivo, IRD, GSDM, ONGs, OPs)

✓ **HIALANA** ireo zavatra mety iveloman'ny bakteria mba hisorohana ny aretina :


Ireo bakteria dia mety hivelona amin'ny vary sy ahi-dratsy : ka mila esorina



Masomboly voan'ny aretina



Mololo izay voan'ny aretina apetraka eny an-tsaha



Ahi-dratsy sy ny vary dia